



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-128

FIFIDIANANA IZAY HO FILOHAN'NY VAOMIERA MIANDRAIKITRA NY FANDINIHANA NY FANGATAHANA FAMPIATOANAN'NY FITAZONANA AM-PONJA, NY FEPETRA TSY HANOMEZANA FAHAFAHANA NA NY FANENJEHANA SOLOMBAVAMBAHOAKA IRAY

Fivoriana Faha-8  
Natao ny  
Alarobia 26 Mey 2021  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**FOTOANA:** Alarobia 26 Mey 2021 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomiera miandraikitra ny fandinihana ny fangatahana fampiatoanan'ny fitazonana am-ponja, ny fepetra tsy hanomezana fahafahana na ny fanenjehana Solombavambahoaka iray.

Nitohy ny Alarobia 26 Mey 2021 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Fiarahabana ny Solombavambahoaka tonga nivory no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana ary manarak'izay, fampahatsiahivana ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony.

Taorian'izay, nambarany fa Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Sakaraha ihany no nahatonga taratasy filatsahan-kofidiana amin'ny toeran'ny Filohan'io Vaomiera io.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa misy fanambarana nataon'ny Vondrona Parlemantera GPR, tamin'ny alalan'ny Filohan'io Vondrona Parlemantera io, Andriamatoa Solombavambahoaka MILAVONJY Andriasy Philobert, ka niangavy ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirena izy mba hamaky izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, ka toy izao no fivakin'izany fanambarana izany:

Miarahaba ny "honorable Députés" rehetra amin'ny anaran'ny GPR.

Manoloana ity fifidianana ny «Président de la Commission» ity dia manamafy izay efa voalazan'ny zokibe «honorable Député» VONINAHITSY Jean Eugène izahay, fa toeran'i IRD avy aty amin'ny Faritanin'i Toliara io, ka izay fandaminana ataonareo IRD dia tsy manana olana ny GPR.

Misaotra sy mankasitraka indrindra.

Ny Solombavambahoaka MILAVONJY Andriasy Philobert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, tamin'ny famakiana ny fanambarana nataon'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, Ramatoa Filoha dia nisaotra ny Vondrona Parlemantera GPR tamin'ny anaran'ny Filohany izay nanao ny fanambarana.

Nomarihany fa tsy nisy nilatsaka hofidiana intsony ny Solombavambahoaka; koa noho izany, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique ihany no kandida hofidiana amin'io toerana io.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD raha manankolazaina.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa noho ny fandaminana araka ny toromarika nomen-dRamatoa Filoha omaly, ny IRD dia manolotra an'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique hofidiana ho Filohan'ity Vaomiera ity. Manarak'izay, misaotra ny GPR ihany koa ny IRD tamin'ny fandaminana sy fanarahana ny toromarika nomena.

Taorian'izay, Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, no nomena fitenenana hanolotra ny kandida hofidiana. Toy izao no momba azy:

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Sakaraha. Teraka tamin'ny 14 Martsa 1972 tao Fandriana. Nanao ny «étude en science politique à l'Université d'Antananarivo». «Docteur diplômé d'Etat».

Mpitondra tenin'ny Faritanin'i Toliara ato amin'ny Antenimierampirenena, Filoha Lefitry ny «Association Parlementaire Malagasy pour la Sécurité Alimentaire et Nutritionnelle».

Mila olona sahy ity Vaomiera ity, ka izay no antony anolorana azy ho Filoha. Manan-danja sy zava-dehibe tokoa ny asan'io Vaomiera io eo amin'ny fampiharana ny lalàna ho an'ny Solombavambahoaka. Ohatra amin'izany ny fampiharana ny lalàna iraisam-pirenena momba ny "immunité parlementaire".

Teo ampamaranana ny teniny, nanentana ny rehetra mba hifidy azy ho Filohan'io Vaomiera io ny tenany.

Nisaotra azy tamin'ny fanolorana kandida, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary niangavy ny mpiandraikitra ny Informatika mba hanome fanazavana mikasika ny fifidianana.

Toy izao no fanazavana nomen'Andriamatoa Tale misahana ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena:

Tsy misy fiovana ny fomba fifidianana androany raha ampitahaina tamin'ny omaly satria kandida tokana ihany no hofidiana. Eo ambony ny anaran'ny kandida ary etsy ambany misy safidy miisa 3. Ny voalohany, manaiky; ny faharoa, tsy manaiky ary ny fahatelo, tsy milaza ny heviny.

Fampatsiahivana, tsara raha apetraka ny laharana sy ny anarana ary ny Distrika nahavoafidy ny Solombavambahoaka, mba ahafahana manamarina fa mpifidy marina izy.

Rehefa vonona ny rehetra, hafindra efitrano ny olona tsy mpifidy.

Taorian'izay, mbola nisy Solombavambahoaka nanangan-tànana, ka nomena fitenena izy ireo.

Ireto avy ny Solombavambahoaka nandray fitenenana; Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- VELOMAHAZO Patrice
- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- PEPIN MICHOU
- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- TSARADIA Marco
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- NAKANY Charly Zafimagnely
- TSABOTOKAY Honoré
- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RABEHAJA Jean
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- EDIZARD
- VONINAHITSY Jean Eugène
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- BAOFENO Micheline
- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- SATRA Augustin
- HENRI Jean Michel

Toy izao no nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka rehefa nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana nifandimby izy ireo:

Voalohany, fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra, mba hifidy ny kandida tokana natolotry ny Vondrona Parlemantera IRD.

Faharoa, fampirishana an'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique mba ho sahy handray andraikitra rehefa voafidy ho Filohan'ny Vaomiera.

Fahatelo, tokony hijoro mihitsy ny tenany amin'ny fanatanterahana ny asa satria olona manana traikefa no sady mavitrika rahateo.

Fahaefatra, sarotra ny asa miandry azy amin'io Vaomiera io, ka tokony hampiseho ny fahamatorana ananany izy satria fantatra fa olona afaka hihaino sy hiaro ny Solombavambahoaka.

Fahadimy, tsodrano hahaleo hahasana amin'ny adidy sy andraikitra miandry azy no nataon'ny Solombavambahoaka namany.

Farany, tsy hadinon'ny rehetra ny nirary soa ny vehivavy Solombavambahoaka, indrindra ho an-dRamatoa Filoha, hanao fetin'ny Reny sambatra amin'ny Alahady ho avy izao na misy aza ny fahamehana ara-pahasalamana eto amintsika amin'izao fotoana.

Ireto Solombavambahoaka manaraka ireto kosa, nitondra fanamarihana ankoatra ireo teny niombonany tamin'ny namany teo aloha.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, raha nandray fitenenana dia nanambara, fa aleo mba ho olona avy amin'ny Faritanin'i Toliara no ho amin'io toerana io satria izany no efa nisy teo aloha araka ny nahitan'ny rehetra azy.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot sy Ramatoa isany RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, BAOFENO Micheline kosa nanambara, fa hofidiana amin'ny isam-bato 100% ny kandida tokana.

Andriamatoa PEPIN MICHOU indray, niangavy ny Filoha ho voafidy amin'io toerana io, mba handray telefaonina rehefa antsoina satria manjaka ny asan-dahalo ao amin'ny Distrika nahavoafidy azy sy any amin'ny Faritanin'i Toliara, mba hijerena ny fiaraha-miasa tokony hatao.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina kosa niangavy ny hanononana ny anaran'ny mpikambana rehetra ao anatin'io Vaomiera io amin'izao fotoana izao satria ny Filoha ihany no hofidiana androany.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, raha nandray fitenenana, nilaza fa raha ny teniny omaly hoe: tokony ho olona avy amin'ny Faritanin'i Toliara no hofidiana amin'io toerana io dia tontosa tokoa izany, ka isaorana ny Vondrona Parlemantera IRD nanolotra an'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique ho amin'izany.

Tokony hijoro amin'ny fahamarinana isika Solombavambahoaka amin'ny asa ataontsika satria be loatra ny fanenjehana mahazo antsika; anisan'ny iharan'io fanenjehana io ny tenany, hoy izy. Hiaro antsika amin'izany no antony ifidianantsika azy. Izany hoe, mety aminy mihitsy io toerana io.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nilaza fa manohana ny filatsahan'ny kandida tokana ny tenany kanefa miangavy ny hisian'ny olona iray avy amin'ny "Non Affilié" mba ho ao anatin'ity Vaomiera ity. Izany hoe, iray amin'ireo Solombavambahoaka miisa 10 mpikambana ao amin'ny "Non Affilié".

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, kandida tokana amin'ny fifidianana raha manan-kolazaina.

Fisaorana ny Vondrona Parlemantera IRD nanolotra azy hofidiana amin'io toerana io no voalohan-teniny. Manarak'izay, fisaorana ny Vondrona Parlemantera hafa nanaiky ny fandaminana satria tsy ijerena antoko politika ny asa ataon'ny Antenimierampirenena tahaka izao fitantanana ny Vaomiera izao.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra hifidy azy no namaranany ny teniny satria ny firaisan-kina no hery.

Rehefa izany, niangavian-dRamatoa Filoha ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena mba hamaky ny anaran'ireo mpikambana ao anatin'ity Vaomiera ity.

Ireto avy ny anaran'ny mpikambana ao anaty Vaomiera.

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD:

- Andriamatoa HENRI Jean MICHEL
- Andrimatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel
- Andrimatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- Andrimatoa FAMINDRA Justin
- Andrimatoa RAJAOBELINA Lova Herizo
- Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andrimatoa RASALAMA Léon
- Andrimatoa RANDRIAMISANAINA Marie Nicolas David
- Andrimatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- Andrimatoa TSABOTOKAY Honoré

Ireo Solombavambahoaka mpisolotoerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD:

- Andrimatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- Andrimatoa TSITARA Rogers Osman
- Andrimatoa MBELO NDIAMANAMPY Jean Germain Odon
- Andrimatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- Andrimatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- Andrimatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
- Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- Andrimatoa TSIKIVY Adrien
- Andrimatoa VELOMAHAZO Patrice
- Ramatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- Andrimatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR:

- Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène
- Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert

Ireo Solombavambahoaka mpisolotoerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR:

- Andriamatoa SATRA Augustin
- Andriamatoa RANDRINASOLO Augustin

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM:

- Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
- Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien

Marihana fa amin'ireo Solombavambahoaka mpikambana ao anatin'ny Vaomiera voalaza etsy ambony, misy olona efa tsy Solombavambahoaka intsony, toa an'Andriamatoa FAMINDRA Justin.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Sekretera Jeneraly tamin'ny famakiana ny mpikambana ao anatin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka araka ny toromarika nomen'ny tomponandraikitry ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena.

Toy izao ny vokatry ny latsabato:

- Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 57
- Vato azon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique: 55
- Tsy manaiky: 00
- Tsy milaza ny heviny: 02

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa voafidy ho Filohan'ny Vaomiera miandraikitra ny fandinihana ny fangatahana fampiatoanan'ny fitazonana am-ponja, ny fepetra tsy hanomezana fahafahana na ny fanenjehana Solombavambahoaka iray, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique.

Taorian'izay, nirary soa ny Filoha vaovao, hahavita antsakany sy andavany amin'ny adidy miandry azy ny Ramatoa Filoha ary nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra nahatontosa ny fifidianana natao androany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra nifidy azy no nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha dia ny fisian'ny asam-baomiera handinika:

-Ny Tolo-pehin-kevitra laharana 001-2021/PR, natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao Fenoarivo-Atsinanana sy ny namany.

-Ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR, natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana sy ny namany. Samy hatao ny Alakamisy 27 Mey 2021 avokoa ireo fivoriana ireo.

Ny Zoma 28 Mey 2021, maraina sy hariva kosa no hanaovana ny asam-baomiera handinihana ny Tolo-dalàna laharana 001-2021/PL, natolotr'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Solombavambahoaka voafidy tao Betafo sy ny namany.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona